TANORA MANOVA RASA 2017 - 2018

FANONTANIANA MATETIKA APETRAKY NY OLONA

Inona avy no lohahevitra trandrahan'ny Tanora Manova Rasa 2017-2018 ?

Ny vontoatin'ny Tanora Manova Rasa 2017-2018 dia :

- ireo lohahevitra samihafa mahakasika ny fiainam-pirenena sy ny iraisam-pirenena
- ireo fomba entina mampivoatra ny tena
- ireo fomba entina mampivondrona, mampihetsika, ary manao hetsika politika

Inona avy ireo fepetra ahafahana mirotsaka ho amin'ny Tanora Manova Rasa 2017-2018 ?

- Vehivavy na Lehilahy
- 18 hatramin'ny 25 taona
- Monina ao Antananarivo sy ny manodidina
- Mahay mamaky teny sy manoratra @ teny malagasy – manana fahalalana fototra ny teny frantsay
- Mangetaheta fiovana ara-politika sy ara-tsosialy ho an'i Madagasikara
- Manaiky ny fitsipika ifampifehezana rehetra

Inona no mari-pahaizana takina mba hahafahana mirotsaka ho @ Tanora Manova Rasa 2017-2018 ?

Tsy misy mari-pahaizana takina amin'ny firotsahana ho amin'ny Tanora Manova Rasa 2017-2018. Ny famaranana nny ambaratonga faharoa no fari-pahaizana takina, mahay mamaky teny sy manoratra amin'ny teny Malagasy, manana fahalalana fototra ny teny frantsay.

Inona no mari-pahaizana homena rehefa tapitra ny fiofanana ?

Taratasy fanamarinana no homena ireo izay nandray anjara feno tamin'ny Tanora Manova Rasa 2017-2018, araka ireo fenitra napetraka.

Afaka mirotsaka ho @ Tanora Manova Rasa 2017-2018 ve aho raha tsy monina ao Antananarivo ?

Izay rehetra mahafeno ny fepetra firotsahana dia afaka mirotsaka ho amin'ny Tanora Manova Rasa 2017-2018.

Natao ho an'ny mpanao politika ihany ve ny Tanora Manova Rasa 2017-2018 ?

Izay rehetra mahafeno ny fepetra firotsahana dia afaka mirotsaka ho amin'ny Tanora Manova Rasa 2017-2018.

Inona no hevitry ny hoe « kilasimandry »

Ny mpandray anjara amin'ny Tanora Manova Rasa 2017-2018 dia mijanona ao amin'ny ivotoeram-piofanana mandritra ny fotoam-piofanana rehetra, na andro na alina.

Ohatrinona no saran'ny fandraisana anjara @ Tanora Manova Rasa 2017-2018 ?

Ny Friedrich-Ebert—Stiftung no miantoka ny fandaniana @ fiofanana:

- ny fitaovam-piofanana sy ny mpampiofana
- ny filasian'ny mpiofana (sakafo, efitra ilasiana)
- ny fitaterana manomboka eo Ambohijatovo hatrany amin'ny ivotoeram-piofanana

Ary raha misy fotoana tsy hahafahako mamonjy ny fiofanana ?

Tsy maintsy atrehin'ny mpiofana avokoa ireo fotoam-piofanana rehetra voatanisa ao amin'ny fandaharam-piofanana Tanora Manova Rasa 2017-2018. Anjaran'ny tsirairay izay mirotsaka no mandamina ny fotoany mialoha, ary mifanaraka amin'ny mpampiasa azy (raha misy izany). Araka izany dia samy manao sonia amin'ny FITSIPI-PITONDRANTENA na ny mpiofana, na ny mpampiasa azy.

Aza misalasala manoratra @ tanora@fes-madagascar.org na miantso ny 22 344 24 raha mbola manana fanontaniana hianao momba ny firotsahanao @ **Tanora Manova Rasa 2017 - 2018**